

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Olona Vaovao Velona

Ny maha-olona antsika taloha dia natao maty tao amin’i Kristy mba ho velona ao amintsika ny maha-olona vaovao.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny fifanakalozana iarahantsika eto dia eo amin'ilay olona taloha sy ilay olom-baovao. Ny olona taloha dia maty ao amin’i Kristy teo amin’ny hazo fijaliana, mba, hiainan’ilay olom-baovao ao anatintsika ankehitriny, noho ny takalony. Lohahevitra mandeha ao amin'ny Testamenta Vaovao izany, saingy zara raha resahina ao amin'ny fizarana maro ao amin'ny fiangonana ankehitriny. Ny fampitahana eo amin’ilay olona taloha, izay maty teo amin’ny hazo fijaliana, sy ny olom-baovao, izay niara-nitsangana tamin’i Kristy, dia navoaka tamin’ny alalan’ny fitsanganan’i Jesosy tamin’ny maty.

Ny olona taloha nohomboana tao amin'i Kristy dia zava-nitranga ara-tantara izay tena nitranga tamin'ny fotoana voafaritra tsara. Heveriko fa tena mampatanjaka ny finoantsika izany rehefa mijery izany amin’ny fomba tahak’izay isika. Tena nisy tokoa izany. Marina izany, na mino izany isika na tsia; marina izany, na fantatsika na tsia. Kanefa rehefa fantatsika sy inoantsika izany, dia misy vokany lehibe eo amin’ny fiainantsika izany. Ao amin’ny Romana 6:6, dia nilaza i Paoly fa “ny toetrantsika taloha dia niaraka nohomboana Taminy, hanimbana ny tenan’ny ota, mba hanompoantsika ny ota intsony.” Dikan-teny maoderina maro no mamadika hoe “foanana”. Aleoko miteny hoe “tsy nahomby; tsy afa-miasa intsony.”

Ny fanandevozan'ny ota amin'ny fananana azy ho tompo dia tapitra eo amin'ny fiainantsika rehefa fantatsika fa maty ilay olona taloha ary misy olom-baovao mitoetra ao amintsika ankehitriny. Fa raha tsy mahatsapa izany isika, mino izany, ary mampihatra izany, dia tsy misy afa-miala tanteraka amin’ny fanandevozan’ny ota. Io no hany lalana hivoahana ny fatotra na fanandevozan’ny ota.

Misaotra Anao, Jesosy ô , noho ny amin'ny fifanakalozana teo amin'ny hazo fijaliana. Manambara aho fa tapitra ny fanompoako ny ota, satria efa maty ao amin'i Kristy ilay olona taloha mba ho tonga olom-baovao eo amin’ny fiainako, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.


© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-232-MLG

Nohavaozina farany: 15 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis